BEVONINKAZO ANTSIRABE

Voasambotra teny Ivato Ambohidratrimo ilay tovolahy namono ny havany

Na niezaka ny nifindrafindra toerana sy faritra maro aza, dia tsy afa-bela fa voasambotra ihany i Parfait, ilay tovolahy nahavita nanakenda sy namono ilay ramatoa lehibe izay 57 taona tao Bevoninkazo, Atsinanan'Ivohitra eto Antsirabe ny 10 septambra 2020 lasa teo. Mpanampy ao amin'io tokantrano io ihany ilay tovolahy nahavanon-doza ity ary manana rohim-pihavanana amin'ny mpampiasa azy. Efa nanana aretina noho ny fahatapahan'ny lalan-drà ilay ramatoa be io, ary efa fantatr'ilay tovolahy tsara ny fandehan-javatra sy ny fahazarana rehetra ao amin'io fianakaviana io. Na misy ireo zanany aza anefa, dia manana ny efitranony manokana ilay ramatoa io, ka ny andron'ny alakamisy 10 septambra io dia tsy hita ilay ramatoa nefa ny tranony nivoha tahaka ny mahazatra maraina. Tonga ny zoma mbola tsy hita ihany izy na nokarohina aza, ary rehefa tamin'ny 8 ora alina tany ho any, vao nisy tonga saina ny hijery ilay trano iray mihidy ao amin'izy ireo, ka akory tokoa fa efa ilay ramatoa vatana mangatsiaka no hitan'ny zanany tao. Nahitana dian-kofehy nanakendana azy ilay ramatoa io, ary ny lakile fiambozonany ihany no namonoana azy. Tsy hita niaraka tamin'io ihany koa ny vola 2 tapitrisa mahery. Niantefan'ny ahiahin'ny maro avy hatrany ilay tovolahy voalaza io satria vao maraina izy dia efa niala tao amin'io trano io, ary tsy hita izay nalehany. Rehefa nokarohina dia fantatry ny polisy fa lasa any Mampikony izy ary rehefa naleha tany dia tsy tany intsony indray fa efa nifindra toerana. Avy hatrany dia nentin'ny polisy niakatra taty Antsirabe aloha ireo havany roa nampiantrano azy sy nampitsoaka azy tao. Andro maromaro taty aoriana, no nahazoan'ny polisy loharanom-baovao fa any Antananarivo Ivato indray no misy an'i Parfait, ka rehefa naleha tany, dia tratra tao ihany na efa nivonona ny hifindra toerana indray aza izy. Tsy nandà ny zava-bitany ity tovolahy ity, ary mbola tratra tany anaty findainy rahateo ny vola 2 tapitrisa latsaka ambin'ny vola nalainy io.

Lezama

Habibiana

Lehilahy namono nahafaty ny vadiny noho ny hasarotam-piaro

Ilay lehilahy namono nahafaty ny vadiny.

Efa tena biby mihitsy ny olona sasany raha ny zavatra mitranga ankehitriny, toy ity tranga tany amin'ny faritra Vakinankaratra ity. Lehilahy iray namono ny vadiny noho ny hasarotam-piaro tafahoatra. Tany Amorona Kaominina Antsahakavana no niseho ny tantara. Sendra alim-podiana tsy fidiny avy amin'izay nalehany Ramatoa, ka novonoin' ilay lehilahy nanamparany ny sandriny sy ny heriny. Maty teny an-dalana raha saika hamonjy toeram-pitsaboana ilay ramatoa noho ny ratra nahazo azy. 28 taona ity lehilahy biby toetra ity, R. Natolotra no anarany. Efa voasambotry ny zandary izy. Voatazona vonjimaika ao amin' ny fonjan'Ambatolampy, rehefa avy natolotra ny fampanoavana.

Solohery

Tsy milamina Antsirabe

Anisan'ny lasibatry ny jiolahy ny mpivarotra finday

Tanàn-dehibe marisarisa amin'ny lafiny tsy fandriampahalemana amin' izao fotoana ny tanànan'Antsirabe, aty amin' ny faritra Vakinankaratra. Anisan'ny lasibatr'ireo jiolahy ny mpivarotra finday. Na izany aza, manao ny asany koa ny mpitandro filaminana. Olona 3 no efa voasambotry ny polisy eto Antsirabe, ary niakatra fampanoavana omaly, noho ilay vono olona sy fanafihana tranom-barotra finday iray teto Antsirabe, ampitan'ny banky BNI. Raha tsiahivina kely, dia ny 9 septambra lasa teo no nisy nanafika andro mitatao vovonana io tranombaroitra iray io, ary mpivarotra mianadahy no tratran'ireo jiolahy tao, ka maty notsindroniny tamin'ny antsy teo amin'ny tendany i Dina, tovolahy nivarotra tao. Tsy nisy nahalala ny nisian'io fanafihana io raha tsy ilay tovovavy efa niantso vonjy taorian'ny fahalasanan'ireo jiolahy vao samy taitra ny rehetra. Lelavola 8 tapitrisa ariary sy finday lafo vidy miisa 15 no lasan'ireo jiolahy tamin'io. Nanomboka teo ny fikarohana nataon'ny polisy, ka ny 19 septambra no voalaza fa nahazoana voalohany an'i Deba sy Leda, izay tany Mahaiza Betafo no nisamborana azy ireo, niaraka tamin'ny namany iray hafa mpiray tsikombakomba amin'izy ireo. Io Deba io ilay tovolahy izay nanindrona antsy an'i Dina ary niaiky izany izy tany anaty famotorana raha ny fanazavana nomen'ny mpitandro filaminana. Mbola misy roalahy naman'izy ireo karohina kosa anefa satria, efadahy izy ireo io nanafika io, ka isan'ny mbola karohina izay, i Tony, izay manana ny basy fitondran'izy ireo manafika tahaka izao, ary dia ny vadiny sy ny rainy aloha, izay nahitana ireo finday very no mbola tazonin'ny polisy amin'izao. Raha ny fanazavana nomen'i kaomisera Mamiarisoa Rakotondraheliarivelo, talemparitry ny filaminam-bahoaka eto Vakinankaratra ihany, dia tsy io tranombarotra teto Antsirabe io no tena tanjon'ireto jiolahy ireto ho tafihina, fa tranombarotra hafa tany Betafo, saingy nihidy io farany io, ny andron'ny fanafihana, ka dia niakatra taty Antsirabe izy ireo, ary io teto io no sendra azy ireo. Ny tena nahazendana, dia tena efa tambazotra mihitsy ry zalahy ireto satria ankoatra ireo jiolahy avy any Mahaiza Betafo, dia misy iray amin'izy ireo ihany koa, avy any Ambondromisotra, Amoron'i Mania, ary ny iray tamin'ireo tratra ireo aza, dia mbola vao 16 taona monja no efa mpikambana amin'ny tambazotran-jiolahy tahaka izao.

Solohery

CSB II Ambohitrimanjaka

Miroso ny asa fanamboarana ny trano ho an'ny mpiteraka

Efa miroso araka ny tokony ho izy ny asa fanamboaran'ny fikambanana Soleil Marmailles avy atsy amin'ny Nosy La Reunion, tarihin'i Dokotera Tiana sy Sylvie Razafintsalama mivady, ny trano vaovao fanampiny ho fandraisana mpiteraka ao amin'ny CSBII Ambohitrimanjaka, distrikan'Ambohidratrimo. Ambohitrimanjaka izay tanindrazana niavian'izy ireo ihany. Raha ny resaka nifanaovana tamin'ny tompon'andraikitra amin'ny fanamboarana ny trano eny an-toerana, nambaran'Andriamatoa Rolland dia eo amin'ny 20 andro eo ho eo dia ho vita tanteraka ny asa. Fa ny olana kely hoy izy dia ny tsy fahampian'ny rano ao amin'ny CSB, hany ka lasa manano sarotra kely ny fanatontosàna ny asa. Marihina fa ny fikambanana Soleil Marmailles dia fikambanana mpanao asa soa, tsy hijanona ao Ambohitrimanjaka ny asa toy izao hoy Sylvie Razafintsalama, fa hisy ny kaominina hafa hiasan'izy ireo ihany koa toy ny ao Talatamaty sy any amin'ny toerankafa.

Helisoa

Ny fandrosoan'ny asa amin'ny fanamboarana trano fanampiny ho an'ny mpiteraka, ao amin'ny CSB II Ambohitrimanjaka.

Fampianarana ambony tsy miankina

Miha-miverina tsikelikely ny sahanasany

Miha-mamerina miandalana ny sahanasany ankehitriny ireo sekoly ambony tsy miankina amin'ny fanjakana. Niaina tamin'ny fampianarana ampitain-davitra na "en ligne" izy ireo nandritry ny volana maro nidirana tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana sy ny fihibohana. Nikatso ny fampidiram-bola nampihodinana ny toeram-pampianarana ary niaina ny fahasahiranana ireo mpandraharaha sy mpampianatra maro tao amin'izy ireny. Tsy nisy anefa ny fitsinjovana sy fanampiana azy ireny na dia nisy tamin'izy ireo no naneho ny olany sy nilaza ny momba ny manjo azy. Niala maina ireo sekoly ireo.

Ankehitriny, manomboka misokatra ireo sekoly ireo. Misy ny miezaka manatratra ny fahataràna tao anaty volana maro. Miomana ihany koa ny sasany ho amin'ny dingam-pampianarana indray. Samy manana ny azy sy ny fomba fiasany fa tsy mitovy ny rehetra. Mazava loatra, fa tsy afaka hanao toy ny any amin'ny ambaratonga ambany izy ireo, ka hanao izay haminDrana kilasy ny mpianatra fotsiny, dia rehefa aoriana milaza fa hameno ny banga amin'ny fahaizana amampahalalana tokony ho natolotra tamin'ireo volana maro tsy nianarana. Raharaha sarotra izany, fa ho hita eo raha voaarina tokoa. Ny an'ireto sekoly ambony ireto kosa tsy maintsy mametraka amin'ny toerany ny lanjam-pampianarana rantovin'ny mpianatra sy ilain'izy ireo ho amin'ny fanomanana ny hoaviny mba ho tsara. Tsy lavina, mety hisy sekoly ambony hamarara ihany, fa tsy ny ankamaroany rehetra kosa akory. Ireo tanora mandranto fianarana amin'ireny sekoly ambony ireny no hoavin'ity firenena ity. Ilàna fitandremana araka izany ny fahaizana amam-pahalalana atolotra azy ireo, raha te hanana tanora vanona sy firenena vanona isika.

Radafy